# Ohatra amin'ny fifandraisana manan-danja teo amin'ny Tantaran'ny Fiangonana sy ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana

## Ohatra 1

Taorian'ny fitsidihany ny Havoana Komôrà tamin'ny septambra 1823, dia nizara antsipiriany momba ny zavatra niainany sy ny fitsidihan'ny anjely Môrônia tamin'ny fianakaviany i Joseph Smith. Nanohy nizara ny traikefany sy ny fahitana hitany tamin'ireo olona akaiky azy indrindra i Joseph. Raha nampahatsiahy ireo fihaonana masina ireo i Lucy Mack Smith, renin'ny Mpaminany, dia nirakitra izao manaraka izao izy:



> Namory ny zanakay izahay isaky ny hariva. Raha ny hevitro dia nahitana ny trangan-javatra tsy mahazatra indrindra tamin'ny fianakaviana rehetra niaina teto ambonin'ny tany ny tao amin'ny fianakavianay, nipetraka nanao faribolana ny rehetra, ny ray, ny reny, ny zanakalahy ary ny zanakavavy nihaino tamim-pifantohana sy tamim-pientanentanana ny fampianarana ny filazantsara nataon'ny zazalahy iray. . . .
>
> . . . Nanenika ny tranonay ny firaisan-tsaina sy ny fahasambarana mamy indrindra. Tsy nisy fifandirana nanelingelina ny fiadananay, ary nanjaka teo aminay ny fitoniana. (Lucy Mack Smith, ao amin'ny *Teachings of Presidents of the Church: Joseph Smith* [2007], 486)

- Inona no nanan-danja taminao momba ny fianakaviana Smith araka io tantara io?
- Ahoana no mety ho nanampian'ny fitiavana tsapan'i Joseph tao an-tranony azy hanatanteraka ny antsony manan-danja?
- Inona no ianaranao avy amin'io ohatra io mikasika ny fomba ahafahan' Andriamanitra mitahy anao, na ny fomba ahafahanao manampy ny hafa ho voatahy, amin'ny alalan'ny fifandraisana manan-danja?

## Ohatra 2

Raha nipetraka tany Nauvoo, Illinois, i Joseph Smith dia nieritreritra ny tombontsoa azo avy amin'ny fifandraisana manan-danja:



> Horaisiko ho isan'ireo fitahiana lehibe indrindra, raha ory eto amin'ity tontolo ity aho, ny hananako ny anjarako izay hahitako rahalahy sy namana manodidina ahy. (*Teachings: Joseph Smith*, 466)

- Ahoana no ahafahan'ny fianakaviana sy ny namana manampy antsika rehefa miatrika fanamby sarotra isika?
- Inona avy ireo fomba hafa ahafahan'ny fianakaviana sy ny namana mitahy ny fiainantsika?

## Ohatra 3

Vakio ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 108:7, ka tadiavo ny torohevitra nomen'ny Tompo an'i Lyman Sherman tao amin'ny Fitopololahy.

- Nahoana no mety ho sarotra indraindray ny manaraka io torohevitra io?
- Oviana ianao no nahatsapa ho nahazo hery tamin'ny fifaneraserana tamin'olona iray?

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

© 2024 by Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. PD80007812_654_577-1